Bekorontan-drafozana
# Nentina ampisarahana vinanto 6


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 17 jolay 2018 Laharana 789 Vidiny : 400 Ar


**Hosea 4: 1-3** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an' izao tontolo izao


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Fampianarana : Taona fotsy na tsia** 2

# 100 000 Ar indray mandoa ihany no vahaolana




**Filoha Ravalomanana** 2

# Hamerina ny hambompo maha-Malagasy



**FAMPANDROSOANA IFOTONY** 8

## Any New-York ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana



**Mananjary** 6

## Zazalahikely miisa 7 namoa-tsampona namaky sekoly

**Tsy fandriampahalemana** 7

## Ifandimbiasan'ny jiolahy tetezina ireo mpandraharaha madinika

**TIM sy ny Boriborintany II** 7

## Niaraka nanao fanadiovana faobe

**Daka kely**

Aza mampihomehy Raforce a ! Ialahy aza efa hiala koa làlana ahoana ?

**Mondial** 4

## Any Qatar indray ny fotoana amin'ny 2022



FILOHA RAVALOMANANA

## Hamerina ny hambompo maha-Malagasy

Nanatrika ny fanamarihana ny fetim-pirenena Frantsay teny amin'ny trano fonenan'ny Ambasadaoro eny Ivandry ny sabotsy teo ny Filoha Marc Ravalomanana, Filoha Nasionalin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), nahazo fanasana tamin'izany lanonana izany ny tenany. Tamin'io fotoana io koa no nanararaotan'ny mpanao gazety nametraka fanontaniana taminy mahakasika ny raharaham-pirenena. Nambarany tamin' izany fa efa vonona hatramin'ny ela ho amin'ny fiatrehana ny fifidianana izy sy ny antoko TIM, ny KMMR ary ireo rehetra tsy ankanavaka mpanohana azy. Efa tafaresaka tamin'ny fianakaviambe iraisam-pirenena eto amintsika ny tenany, nambaran'izy ireo hoy i Dada fa vonona ireo vahiny hanampy antsika amin'ny fanatanterahana fifidianana, na izany aza hoy izy tokony hanana fanamby hatrany isika ary vonona aho hoy izy ny hamerina ny hambompo maha-Malagasy. Momba ny tsy fandriampahalemana miseho lany ankehitriny, ny kidnapping,… tena mampalahelo izany toejavatra izany hoy ny Filoha Marc Ravalomanana ary tokony hitadiavan'ny fitondram-panjakana vahaolana matotra sy maharitra.



*Ny Filoha Marc Ravalomanana nandritra ny fanakalazana ny fetim-pirenena Frantsay ny sabotsy teo.*

***Isambilo***

Taona fotsy na tsia

## 100 000 Ar indray mandoa ihany no vahaolana

Taona fotsy na tsia, 100 000 Ar indray mandoa amin'ity volana ity, na amin'ny volana ambony ihany no vahaolana ny amin'ny tsy hisian'ny taona fotsy hoy ireo mpanabe manerana ny Nosy mitaky ny zony amin'izao fotoana. Rubrique 1 na zavatra iray ao amin'ny karama ihany io takian'izy ireo hatao indray manefa io aloha, fa ny 100 000 Ar ampitomboina 4 kosa dia hatao tsikelikely ny fanefana azy hatramin'ny taona 2020. Raha fiakarana 100 000 Ar isaky ny mpanabe io aloha, dia azo lazaina ho kely ihany miohatra amin'ny fitakiana teo amin'ny sehatry ny asam-panjakana hafa, na sehatr'asa hafa ary efa azony raha vao nihetsika izy ireo. Eo amin'ny 160 000 eo ny isan'ny mpiasam-panjakana amin'ny sehatry ny fanabeazam-pirenena eto amintsika, ka raha io fiakarana 100 000 Ar dia tokony ho zakan'ny kitapom-bolam-panjakana tsar any fanefana azy. Mandefitra manana rariny ny mpanabe hatramin'izay, ka rariny raha ho valian'ny fitondrana ny hetahetan'izy ireo tsy hisian'ny taona fotsy izay efa manangasanga. Arak'izany, mitohy hatrany ny hetsika fitakiana ataon'ny Mpampianatra Mpanabe eo an-tokontanin'ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena etsy amin'ny Tranoboribory Anosy. Natokana ihany koa ny andro omaly ho andro fanehoampiaraha-miory tamin'ny fianakavian'ilay tovolahy 22 taona, mpianatry ny Lycée Antsohihy, TA6, nodimandry ny 06 Jolay lasa teo, vokatry ny fanadinana Eps/Bacc tsy ampy fanomanan-tena. Manambara ankoatra izany ireo mpitolona fa tsy miverin-dalana ny fitakiana: mitohy ny tolona. Momba ilay fampitahorana fanerena ny mpampianatra hiverina hampianatra nataon'ny fitondrana nivoaka tamin'ny filan-kevitry ny ministra ny faran'ny herinandro teo, misy ny hafatra nalefan'ny mpampianatra avy any amin'ny faritra ho an'andriamatoa Ministry ny Fanabeazam-pirenena: manoloana ny naoty navoakan'ny ministera, izay nosoniavin'ny sekretera jeneraly mamerina ny mpampianatra handray ny asany omaly alatsinainy sy anio talata, ireo mpampianatra rehetra ao anatin'ny Sempama Nosy dia manambara fa manana zo haneho hevitra sy hitaky ny zo ary afaka mitokona mitaky araka ny voalaza ao amin'ny lalampanorenana sy ao anatin'ny lalàna mifehy ny mpiasam-panjakana, mbola ao koa ny ao amin' ny OIT na ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny Asa. Zo fototra ny mitaky ny zony hoy izy ireo, tsy mbola hampianatra izahay raha tsy mivaly ny fitakianay, miara-manao sonia ity taratasy ity ireo mpampianatra avy any amin'ny Faritra. Masina ny tanindrazana rehefa omena hasina ny mpanabe".

***Ny Valosoa***

Fitokonan'ny mpampianatra

## Tsy hihemotra koa ny any Vakinankaratra

Mbola mafana sy mihenjana ny fitokonan'ny mpampianatra eto Vakinankaratra amin'izao fotoana. Raha ho an'ny fampianarana ankapobeny dia mbola mafana dia mafana ny resaka tolona ho an'ny mpampianatra eto Vakinankaratra. Ankilany dia mbola nafana ary niha-nafana kosa ny tolona nataon' ireo vondron'ny sendika marobe izay mbola manohy ny tolona teo amin' ny kianjan'ny Dren Vakinankaratra. Nambaran' ireo mpampianatra marobe fa tsy hiato ny tolona hataon'izy ireo raha tsy voavaly ny fitakiana ary tsy eken'izy ireo ny ataon'ireo mpamono afo dia ny ANNEFA izany. Tonga tao an-toerana mihitsy ny mpandrindra nasionalin'ny Sempama Nosy, izay nanana anton-dia ho any Ambositra saingy nivily teto Antsirabe nanotrona ireo mpampianatra. Nambaran'izy ireo fa tsy hisy hampianatra izany ary mbola hikatona avokoa ny sekoly na dia nilaza ny hiasa aza ny andaniny ary tsy matahotra ny ramatahora ataon'ny mpitondra fanjakana izy ireo. Tetsy ankilany anefa dia nandray fanapahan-kevitra ny ANNEFA fa hanomboka hampianatra ary handray ireo mpianatra hiatrika fanadinana amin'ity herinandro miditra ity, ho fandraisana an-tanana ny ho avin'ny zaza Malagasy mba tsy ho sorona amin'izao fitakiana izao satria efa nitsotra ny fitondram-panjakana fa izay aloha no azo atao. Namory ireo mpampianatra mpomba azy izy ireo tao amin'ny efitrano malalaky ny Cisco Antsirabe faharoa ary nifandamina amin'ny fiatrehana izay fiverenana mampianatra izay. Nambaran'ny mpandrindrampaapritry ny ANNEFA Vakinankaratra fa tsy manery ireo mpampianatra mbola te hanohy ny fitokonana izy ireo, saingy toherin'izy ireo kosa ny fanerena ny mpampianatra tsy maintsy hitokona sy ny fandrahonana ho faty mahazo azy ireo.

***Lezama***

Mpiasam-panjakana ambony

## Misy sahady ny talem-paritra mamadika palitao

Zary lasa firesaky ny olona ny fahitana mpanao politika mamadika palitao isaky ny misy ny hetsika mamaivay eto amin'ny firenena. Fantatra fa efa misy amin'ireo Talem-paritra eny anivon'ireo sampandraharaha aty Alaotra Mangoro no efa namadika ny azy. Mbola tsy maina akory ny ravina nihinanana dia efa namadika sahady ny sasany vokatry ny fahatahorana sao ho very seza. Mitetika ny ho Talem-paritra mandram-paharetiretiny angamba hoy ny rehetra ka aleo mamadibadika izay azo avadibadika aloha. Efa niaina tao anatin'ireo antoko lehibe tamin'ireny taona 1991 no niverina ho AREMA ary avy eo nivadika ho T.I.M ary nanaradrenirano tamin'ny tetezamita avy eo nivadika ho H.V.M dia izao nivadika ho MAPAR izao indray. Misy ireo mangina tsy ahitan-teny firy any anatin'ny sampan'asa nametrahana azy saingy eo kosa ireo matahotra mafy ny sezany ka lasa nihazakazaka namonjy nanova loko haingana sao tratran'ny fitsokan'ny rivotra tampoka. Nahatsara zavatra mihitsy ny nananganana ity governemanta iraisana ity hoy ny mponina fa nahafahana nanavaka ireo mpanao politika mahatana ny etika eo amin'io raharaha io, sy ireo izay faly ny amin'ny hamikitra amin'ny seza fotsiny ihany. Miady an-trano sahady ihany koa ireo vondrona politika lehibe aty Alaotra amin'izao fotoana izao noho ny resaka toerana amin'ny samy te-ho lohany hitantana izany. .

***Raoul***

### *Ny Valosoa sy fakafaka*

## Tonga ny fotoana tokony hijeren'ny fanjakàna ireo mpampianatra

Mitana ny sain'ny olom-pirenena ankehitriny ny lafiny fanabeazana eto Madagasikara, na ny marina kokoa ny fitokonan'ny mpampianatra mpanabe. Mikatso tanteraka ny fampianarana manerana ny Nosy, na lazain'ny fanjakàna aza fa ampahany amin'ireo mpampianatra no mitokona. Tsy mihemotra hoy ny minisitra Horace Gatien ny fanadinam-panjakàna fa tsy maintsy tanterahana araka ny daty izay efa napetraky ny minisiteran'ny fanabeazana. Misy ny milaza fa lasa takalon'aina ny ankizy madinika amin'ity toe-draharaha ity, koa mipetraka eto ny fanontaniana, iza no fositra amin'izany, ny mpampianatra mitokona ve sa ny mpitondra? Alaim-panahy isika hilaza hoe ny mpitokona, mety ho marina izany nefa kosa andao mba hojerena marina hoe inona ny olana tena itadiavan'izy ireo fanovana ? mangataka tambin-karama karazany maromaro izy ireo, fa nahoana moa ? Misy ary tsy azo lavina ny tsy fitoviana mihoa-pampana eo amin'ny mpampianatra sy ny mpiasa-panjakàna mitovy aminy amin'ny fomba fitantanana eo amin'ny sehatry ny asam-panjakana. Misy ny mahazo tombony be ary misy kosa ny anjorombala. Efa nisy fotoana ireo mpampianatra nitokona, fa ny hita hatramin'izay dia misy foana ireo mamono afo ao anatiny ka lasa tsy tanteraka hatramin'ny farany ny fitakiana fa very anjavony teny foana. Ankehitriny, tonga kosa ny fotoana tokony hijeren'ny fanjakàna ny mikasika ireo mpampianatra eto Madagasikara raha tena mijery ny tombontsoan'ny zaza Malagasy izy ireo. Farahidiny raha samy mpiasam-panjakàna izany mpanabe izany eto amintsika, koa mila vahàna indray mandeha anefa izy ity mba tsy ho sorona ny zaza Malagasy, tsy adala akory ireo mpampianatra ireo ka tsy ahafantatra ny tokony ho zakan'ny fanjakàna omena azy ireo, fa hatreto dia toa ny fandrahonana indray no mitady ahazo laka.

***Helisoa***

Liva - KMFB

## Miantso ny FFFKM handray andraikitra

Maneho ny heviny momba ny raharaham-pirenena indray Andriamatoa Liva Razafitsiferana na i Liva KMFB (Komity Miaro ny Fiainam-Bahoaka). Iaraha-mahafantatra hoy izy fa misedra olana goavana ary miaina ao anatin'izany ny firenena Malagasy sy ny vahoakany ankehitriny, noho ny fanahiniana sy fanapotehana ary tsy fahaiza-mitantana nataon'ny mpitondra fanjakana ankehitriny. Samy miezaka ny mitady vahaolana ialana amin'izany avokoa ny olom-pirenena maro, na olon-tsotra, na mpanao pôlitika, na mpitondra fanjakana, sns... Ho an'ity farany, dia ny fanatanterahana ny fifidianana amin'ity taona 2018 ity, izay hatao ao anatin'ny fahavaratra sy ny tsy fahandriampahalemana hono no mety araka ny hevitr'izy ireo. Etsy ankilany anefa dia maro ihany koa ny fanehoan-kevitra avy amin'ny olon-tsotra sy mpanao pôlitika, izay mitaky ny hanaovana ny Dinika Fanorenana Ifotony alohan'ny hirosoana amin'izany fifidianana izany.Ny malagasy samy malagasy tsy tsabahan'ny vahiny no hifandinika hitady izay tena vahaolana marina ho an'ny fireneny, izay mitondra mankany amin'ny fampandrosoana sy ny fahaleovantena marina no mafy orina. Ho an'Andriamatoa Liva mitarika ny KMFB, dia samy ilaina avokoa ary tsy hirosoana ny dinika ifotony sy ny fifidianana, kanefa mialoha ireo, dia tsara indrindra raha mialoha ireo ny FAMPIHAVANANA eo amin'ny samy malagasy. Sarotra tokoa mantsy no inoana fa ho afaka miroso amin'izany dinika fanorenana ifotony sy fifidianana izany raha toa ka mbola vahoaka tsy manam-pitiavana, feno fifankahalana sy lolom-po no hoe hitady vahaolana ho an'ny firenena izany. Mila mifankatia sy mifamela isika mba hahatongavana amin'izany firenena vanona izany. Didy ary asa avy amin'Andriamanitra ny fampihavanana. Izany indrindra no mahatonga ny KMFB hiantso ny FFKM handray andraikitra sy hanohy ny fampihavanana izay efa natombony ny taona 2001. Ny fiangonana no solontenan'Andriamanitra afaka hanatanteraka izany asa izany hoy Andriamatoa Liva. Ny FFKM ihany koa dia manana ireo ondriny marobe manerana ny Nosy. Noho izany, dia Ray aman-dReny sady to-teny amin'ny vahoaka malagasy izy ireo, ka tokony hijoro sy ho sahy handray izany andraikitra masina sy sarobidy ho an'ny firenena malagasy izany.

***Nangonin'Isambilo***

MINISITRA GUY RIVO R.

## Nijery ny olan'ny mpiasan'ny Dzamanjary Nosy-Be

Efa an-taonany maro ny mpiasan'ny Dzamanjary Nosy-Be no nandalo fahasahiranana, na nisy aza ny fampanantenana nataon'ny mpitondra tetezamita notarihin'i Andry Rajoelina sy ny fitondran'ny Hery Vaovao'i Madagasikara HVM amin'ny fanatsaràna ity orin'asa ity dia tsy nisy tanteraka izany hatramin'izao. Tamin'ny taona 2008 no nisy farany ny asa fanatsaràna ny orin'asa niaraka tamin'ny tetik'asa PIC, saingy rava rehefa nisy ny fanonganam-panjakàna. Nahita izany ny minisitry ny indostria sy ny fampiroboroboana ny sehatra tsy miankina Guy Rivo Randrianarisoa dia tonga nitsidika tany an-toerana ny faran'ny herinandro teo. Tao anatin' izany no nitafàn'ny minisitra mivantana tamin' ireo mpiasa, ka nihainoany ny maharary azy ireo. Fantatra arak'izany fa efa an-taonany maro no tsy nandray karama ireto farany, tena mahatsiaro fahasahiranana izy ireo vokatr'izany. Nambara avy hatrany ny minisitra Guy Rivo Randrianarisoa fa fanambiny sy ny minisitera tantaniny ny hanarina ny lesoka sy ny tsy mety ao amin'ity orinasa Dzamanjary Nosy-Be ity ao anatin'ny roa volana.



*Ny ministry ny Indostria sy ny Fampiroboroboana ny sehatra tsy miankina Guy Rivo Randrianarisoa nitsidika ny orinasa Dzamanjary Nosy-Be.*

***Helisoa***

Pr Harimalala Joseph

## Tsy hita taratra ny fitoniana hatramin'izao

Mivoatra ary miroso mankany amin'ny fifidianana ihany aloha hatreto ny raharaham-pirenena eto Madagasikara. Mirona manaraka izany ihany koa ny fanehoan-kevitra isan-karazany voizina amin'ny haino aman-jery sy ny filazambaovao. Isan'ny manaraka izany akaiky hatrany ary mitondra ny fanehoan-keviny hifanaraka amin'ny soratra masina i Pr Harimalala Joseph, izay mampifandray izany amin'ny fiainam-pirenena Malagasy mba hanjakan'ny tenin'Andriamanitra sy ny hafatra avy amin'ny Tompo. Nambarany ary fa efa tokony ho ao anatin'ny fitoniana tanteraka ny Malagasy izay miandrandra ny fotoam-pifidianana marina sy madio tokoa amin'ity taona ity. Nambarany anefa fa misy hatrany ny trangan-javatra mahazendana sy mampametram-panontaniana satria tsy tena hita izay fitoniana izay na dia mivoy izany avokoa aza ny olon-drehetra, indrindra ny filoham-pirenena. Ny hita ho an'ity farany dia am-panetren-tena no ilazana hoy i Pr Harimalala Joseph, fa toa vao mainka mitombo ny fitakiana etsy sy eroa. Izany rehetra izany hoy ity mpandinika ity dia nohon'ny tsy firaharahian'ny filoham-pirenena an'Andriamanitra fa sondriana manandra-tena isan'andro isaky ny misy hetsika ataony. Raha tsiahivina ohatra ny tamin'ny 26 jona lasa teo dia ny vavaka ho fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra indray no natao farany, araka ny tenin'Andriamanitra ao amin'ny Samoela voalohany 2:30 manao hoe: "Fa izay manome voninahitra Ahy no homeko voninahitra, ary izay manamavo Ahy no ho afa-baraka". Mampieritreritra izany Andriamatoa filoha satria dia mihevitra ny tenanao ho Andriamanitra ve hianao, ka manao tsinontsinona azy? Toa izao ataonao izao mantsy no mahatonga an'Andriamanitra ho tezitra amin' ny mpitondra fanjakana ka nahatonga an'i Farao mpanjakan'i Egypta nofaizina. Koa ampanetren-tena Andriamatoa filoha no hiantsoana anao mba handinika ny tenin'Andriamanitra ao amin'i Ezekiela 32:2-4, izay manao hoe: "Ry zanak'olona, manaova hira fahaleovana ny amin'ny Farao, mpanjakan'i Egypta, ka ataovy amin' ny hoe: nanao ny tenanao ho tahaka ny liona tanora tamin'ny firenena hianao kanjo tahaka ny Dragona ao anatin'ny rano be, ary nitsoriaka teny amin'ny oninao hianao dia nanakobakobana ny rano tamin'ny tongotrao ka nahaloto ny ony. Izao no lazain'i Jehovah Tompo: ny vahoaka betsaka tafatambatra no ho entiko mamelatra ny haratoko aminao, ary hakarin'ireny amin'ny haratoko hianao, dia hatsipiko eny an-tanety hianao ary hariako any an-tsaha, dia hampitangoroniko eo aminao ny voro-manidina rehetra, ary homeko hivokisan'ny bibidia rehetra ny tenanao", satria manomboka miantefa aminao io hafatra io, raha sanatria tsy hiova hianao. Ny ilazana izany mantsy dia tsikaritra indray tato ho ato ny fisehosehoanareo mpitondra amina hetsika ara-pivavahana goavana kanefa dia tsy izany no zava-misy ka mahatonga ny tenako hampahatsiahy ny tenin'Andriamanitra ao amin'i Marka 7:6 manao hoe: "Ity firenena ity manaja Ahy amin'ny molony, fa ny fony kosa lavitra Ahy". Ny tiana hambara dia toy ny manao mpitaribato vilam-bava ihany ny fitondram-panjakana satria raha fitoniana no dradradradraina kanefa dia baomba mandatsadranomaso no valiny. Koa eto anatrehan'izao zava-manahirana maro manjo ny firenena izao, sy ireo fitakiana maro mbola hataon'ireo mpampianatra sy ny mpianatra ary ireo sendikalista isan-karazany maro samihafa ireo dia aoka handinika tsara hianareo mpitondra raha toa ka tianareo tokoa ny hisian'ny fitoniana marina hiatrehana ny fifidianana satria hoy ny tenin'Andriamanitra ao amin'ny Jaona Voalohany 2:17 manao hoe: "Mandalo izao fiainana izao sy ny filàny, fa izay manao ny sitrapon'Andriamanitra no maharitra mandrakizay".

***Lezama***

### TONONKALO

## Kandidà manao ahoana ?

Kandidà manao ahoana no ilain'ny firenena ?
Tsy ny mpievotrevo-dava feno lainga sy hafetsena,
Fa ny tsotra sy mahomby nefa afaka mitaha,
No sady tsy manaiky intsony ny hobaikoin'ireo vazaha.

Kandidà manao ahoana no ilain'ny firenena ?
Tsy tanora vao mifoha mpieboebo raha jerena,
Fa mba ny efa tena matotra amin'ny asa sy ny teny,
Ka ny tanjony dia tsotra: hanarina ny fireneny.

Kandidà manao ahoana no ilain'ny firenena ?
Tsy ireo olon-tsy misaina afa-tsy vola aman-karena,
Fa ny tena mba mandinika ary mahalala onony
Ka dia fantany ny mihoatra sady hainy koa ny antonony.

Kandidà manao ahoana no ilain'ny firenena ?
Tsy 'reo jiolahy omaly mbola henonao mitrena,
Fa mba ny efa tsara fototra sady manan-toetra miavaka,
Hita taratra avy hatrany fa miaina anaty vavaka.

*SEDERA RAVALISON (15-07-18)*

**Fanehoan-kevitra sms :**
**034 09 187 88 ; 032 11 505 44 ; 033 24 783 65**

### NY TENY FIAINANA

***Jaona 6:37***

*Izay rehetra omen'ny Raiko Ahy no hanatona Ahy; ary izay manatona Ahy dia tsy mba holaviko mihitsy.*

TIM sy ny Boriborintany faharoa

## Niaraka nanao fanadiovana faobe

Efa asa fanaon'ny kaominina Antananarivo renivohitra (CUA) andavanandro ny fanadiovana ny tanàna, izay araka ny toromariky ny ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana. Niavaka kosa ny faran'ny herinandro teo satria niara-nisalahy nanadio ny lalana sy ny lakan-drano nanomboka teo Ambanidia nihazo an' Ambatoroka sy Tsiadana ny avy ao amin'ny boriborintany faha- 2 notarihin'ny delege Razafindraibe Jacques sy ny filohan'ny DISTIM ary ny mpikambana Tiako i Madagasikara (TIM) ao an-toerana. Nomarihin'ny delegen'ny boriborintany faha 2 Jacques Razafindraibe, fa mila madio Antananarivo renivohitra, efa manao ny ezaka rehetra izahay hoy izy hampadio ny Tanàna, saingy kosa ilaina ny fahatsiarovantenan'ny mponina mba hitandro mandrakariva ny fahadiovana ho antoky ny fahasalamàna, rehefa tsy mandoto ianao hoy izy dia efa naman'ny manadio. Hiitatra any amin'ny toerana hafa ny asa fanadiovana fa tsy hipetraka amin'ny toerana iray.

***Helisoa***



**facebook NY VALOSOA**

## Ilaina ny mihaino ny hevitry ny Malagasy rehetra

**Razzaan Andria :** tsy misy fandrosoana ao anaty fizarazarana izany hoy i Dada, ilaina ny mihaino ny hevitry malagasy rehetra tsy ankanavaka.

**Lalasoa Ralalarivelo :** mitovy izahay eto - izay mitambatra vato fa izay misaraka fasika.

**Dollys Rasoanaivo :** ary le olona refa tsy amin fitondrana intsony vao mahita ny tokony hatao, fa maninona?

**Tax Boom Alison :** zay alou d marina fa moa v ts mampizarazara io ny sasany hampihemotr fifidianana io nefa ny olona rehetr dia ny fifidianana no andrandrainy. Fanampin'izay io HFI io anie ka nanilika ireo olona tao anatiny tao ka manohana candidat hirotsaka na nirotsak e. Anisan'izany i Omer Beriziky nailiky ny HFI ref nilaz fa ho candidat. D aiz ho aiz eo le lazain'i Dada hoe ts mampandroso ny fizarazarana nef le alliance HFI manilika olona io sahady.

**Rndrianantenaina Tojosoa :** zarain'ny heviny ny olona fa ny lalana no tokana ikambanana.

**Mari No :** fifidianana no fihainoana ny safidimbahoaka, noho izany aleo handeha ny fifidianana.

**Clovis Razafimalala :** indrindra rehefa tsy ao @ fitondrana dia tena ilaina tokoa ny mihaino ny hevitry ny malagasy rehetra dia tokony hotohizana izany rehefa azo ny fitondrana.

**Anicet Rakotondramanana :** ilaina toko ny mihaino ny hevitry ny olona rehetra, izay no tokony hanaovana ny tena fampihavanampirenena miaraka amin'ny FFKM fa tsy miaraka amin'ny CFM izay voatsindrin'ny fitondrana HVM amin'izao fotoana.

MONDIAL

# Any Qatar indray ny fotoana amin'ny 2022

Lasan'i Frantsa ny amboara erantany amin'ny baolina kitra andiany faha 21 notontosaina tany Rosia izay nifarana tamin'ny Alahady teo, tao amin'ny kianjan'i Lujniki Moscou. Tsiahivina fa tamin'ny isa 4 no ho 2 no nandresen' ny Frantsay ny Croate. Griezman, Mbappe, Pogba no nampiditra ny baolina ho an'ny Frantsay niampy ny famonoantena nataon'i Mandutic ao amin'i Croatie. Ny baolina 2 tafiditry ny Croate kosa dia sanganasan'i Mandutic sy Perisic. Tamin'ny ankapobeny dia ny Croate no nifehy ny lalao saingy ny Frantsay kosa no nahay nanararaotra ka nahatafiditra baolina 4. Na inona na inona anefa resahana dia nitondra ny Frantsay tany amin'ny fahazoana ny anaramboninahitra ireo Afrikana maro tao anatin'izany ekipa Frantsay izany ka anisany ry Mbappe, Pogba, Varane, Kante, Umtiti. Fa na teo aza ny fahazoan'i Frantsa ny amboara dia mendrika ny ekipan'i Croatie satria matoa tonga amin'ny famaranana dia mahay no dikan'izay. Maro ireo ekipa goavana nangoron'entana toy ny Alema, ny Breziliana, ny Argentin sy ny ekipa Espagnol niampy ny Portugais. Azo ambara fa fandresen'i Afrika ihany koa ny nahazahoan'i Frantsa ny amboara. Taorin'iny Mondial iny dia maro ireo ekipa goavana any Eropa no efa sahy hanokana vola hividianana ireo mpilalao Frantsay sy Croate niatrika ny famaranana, anisan'ireny ekipa goavana ireny ny Real de Madrid, ny Fc Barcelone, ny Bayern de Munich, ny Manchester United. Ankoatra izay dia nampiharina tamin'ity Mondial ity ny fitsarana tamin'ny alalan'ny Video izay azo ambara fa nahomby sady nialana amin'ny mety ho fifandirana eny ambony kianja. Afaka 4 taona indray ny Mondial manaraka any Qatar, izay heverina fa hanana ny hampiavaka azy, noho izany Qatar izany anisan'ny manankarena indrindra erantany, eo koa ny fananany maripana ambony dia ambony.



*Ny amboaran'ny Mondial, azon'ny Frantsay fanindroany indray.*

***Rina Rabemananjara***

Fanorenana iarahana amin'ny Maraokanina

# Nitsidika ny foto-drafitrasa ny minisitra roa tonta

Isan'ny foto-drafitrasa goavana haorin'ny Fondation Mohamed, an'ny mpanjakan'i Maraoka eto Vakinankaratra ny toeram-panofanana isan'ny ho goavana aty amin'ny ranomasimbe Indiana sy ny toeram-pitsaboana avo lenta ho an'i Vakinankaratra, izay ahorina eny Ambohimanarivo-Antsirabe voalohany. Efa manomboka ny asa amin'izao fotoana ary miroso miandalana izany, nohon'ny fenitra tena mahasarotiny ny Maraokanina. Manoloana izany firosoan'ny asa izany dia tonga nitsidika ny fizotran'ny asa ny Minisitry ny fahasalamana Rantomalala Harinirina Yoël Honorat sy Rammatoa Rahantasoa Lydia Aimée, Minisitry ny fampanan'asa, fampianarana teknika sy ny fanofanana arak'asa ny marainan'ny zoma lasa teo, notronin'ny Masoivohon'ny firenena Maraokanina. Afa-po tamin' ny fitsidihina ireo tompon'andraikitra raha ny fantatra ary manantena ny hahavitan'ity fotodrafitrasa goavana ity ihany koa, ho an'ny zaza Malagasy. Raha tsiahivina dia Sekoly fanofanana arak' asa sy ara-teknika ho an' ny mpianatra 1000 izay mitentina 18 miliara Ar, ahitana taranja BTP, Fizahantany, Hôtellerie, restauration sy hopitaly ho an'ny reny sy ny zaza, hahitana fandriana 70 izay miteti-bidy 48 miliara Ar no hatsangana eto Antsirabe ireto, ka fantatra fa ny sekoly fanofanana arak'asa dia ezahina ho vitaina farany izay haingana hatramin' ny faran'ny taona ary amin'ny taona 2019 ho avy kosa ny hopitaly ho an'ny reny sy ny zaza. Nilaza teto ny Ben'ny tanànan'Antsirabe Andriamatoa Razanakolona Paul, fa tombontsoa lehibe ho an'Antsirabe sy Madagasikara ny fijoroan'izao foto-drafitrasa izao. Isan'ny tazana nandray ireto mpikambana eo anivon'ny governemanta ireto ny Lehiben' ny Faritra Vakinankaratra ny Jeneraly Rakotonarivo William sy ny Prefet an'Antsirabe, Andriatomponera Nalisoa Voahangiharimino sy ireo lehiben'ny sampandraharaham-panjakana isan-tokony.



*Ny ministra roa tonta nitsidika ny asa ataon'ny Maraokana any Antsirabe.*

***Solohery***

Fimpima Antsirabe

# Namoaka mpikabary 276 mianadahy

"Izay tia ny tenin-drazany ,tia ny tanindrazany". Namoaka mpikabary vaovao niisa 276 mianadahy indray ny Fimpima Vakinankaratra ka nisalotra ny anarana "Fanoa", ireto mpikabary vaovao navoaka ireto. Ny sabotsy 14 jolay 2018 lasa teo no nanantotosana ny lanonana makotrokotroka namoahana ireto mpikabary ireto, izay notontosaina tao amin'ny tany malalaky ny Kianjan'ny kolontsaina Antsirabe. Tonga nitarika ny lanonana tamin'izany ny filohan'ny Fimpima manerantany Ramatoa Andriamboavonjy Hanitra, notronin' ny filohan'ny Fimpima faritany Antsirabe izay tompon-draharaha rahateo, dia Ramatoa Ranaivozandriny Raharinirina. Nivoitra nandritra ny fandraisam-pitenenana fa ilaina ny fifanohanana amin'ny fanandratra ny maha Malagasy, izay atahorana sao ho sanatria ho raraka an-tany ka mahavelom-bolo tanteraka ny fahitana zatovo maro tena liana amin'ny Kabary toy izao lanonana natrehina izao, hoy ny mpandray fitenenana. Nandritra ny lanonana dia nozaraina mari-pamantarana fa nahavita ny fiofanana ary notolorana mari-pakasitrahana ihany koa ireo efa nahavita be tamin'ny tontolon'ny kabary. Isan'ny nanotrona ny lanonana ny Sekretera Jeneralin'ny Faritra Vakinankaratra, Rakotomahandry Timothé, izay nanambara fa zava-dehibe ny maha-malagasy, izay ahafahana mamelo-maso ny tena fahendrena ao anatin'ny fifanajana tanteraka, izany rahateo no ahafahana mizotra mankany amin'ny fampandrosoana. Ankoatran'ny fianarana ny kabary dia fantatra fa nisy ihany koa ny hetsika ho fikajiana ny tontolo iainana, ny fambolen-kazo, ary ny kolo vatana sy ny maro hafa ataon'ity fikambanana ity isan-taona.




*Ny hetsiky ny mpikabary tany Antsirabe ny faran'ny herinandro teo.*

***Lezama***

## Sakafo Ny Valosoa



**Voanjobory sy sofin-kisoa indray no laoka amin'ny** Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia miaraka aminy, ron'anana matsatso ihany koa. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

# Ny soa azo avy amin'ny dite sakamalaho



Ny soa azo avy amin'ny dite sakamalaho indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ny dite sakamalaho dia mampahia vetivety. Sakamalaho kely mirefy 4 cm eo ho eo no ilaina. Sasàna madio tsara ary tsy voasana fa avy dia tetehina madinika kely. Araraka ao anaty zinga madio ary arotsaka manaraka azy ao avy eo ny rano avy nangotraka 1 litatra. Avela ho tsofin'ny rivotra, ka rehefa matimaty dia arotsaka ao anaty termaosy manokana. Iny rano iny no sotroina mandritra ny tontolo andro, 30 minitra alohan'ny sakafo fototra telo. Roa, na telo herinandro eo ho eo dia ho hita ety ivelany ny fihenan-danja. Manaitaitra ny filàna no tena fahafantaran'ny olona ny hasin'ny sakamalaho. Rehefa nampangotrahina anefa izy, tahaka ity eto ity, dia mivadika ho antibiôtika natoraly, sady mpandoro tavy matanjaka ihany koa. Manampy ny taovam-pandevonan-kanina rehetra, indrindra fa ny vavony izy.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

# Ny tanànan'i Sambava renivohitry ny faritra Sava



Ny tanànan'i Sambava, renivohitry ny faritra Sava indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Misy milaza fa ny nahatonga ny anarany dia avy amin'ny fitenenana hoe: Sambava, izay tsy mahay mitambava. Ity tanàna ity no renivohitry ny faritra Sava ahitana distrika miisa 4 dia Sambava, Antalaha, Vohemara ary Andapa. Ao anatin'ny faritanin'Antsiranana teo aloha izy. Vokatra any ny lavanila, ny kafe ary ny jirofo. Eo afovoan'ny telozoro, izay faritan'I Vohemara, Andapa ary Antalaha izy; Vohemara 153 km any avarany, Andapa 109 km any ndrefany, ary Antalaha 89 km any atsimony, lalana vita tara avokoa nny mampitohy azy ireo. Ahitana ny fambolena coco na voanio anisan'ny lehibe indrindra eto amin'izao tontolo izao, aminr'ny velaran-tany 4800 ha, izay an'ny orinasa mpanao menaka Soavoanio. Mafana sy mando ny toetrandro any Sambava: mahatratra 30°C amin'ny fotoam-pahavaratra ny hafanana, 20°C eo ny salan'ny hafanana amin'ny ririnina, mahazo orana mndritra ny 5 volana isan-taona eo i Sambava, ary mitsoka any ny rivotra Varatraza. Betsimisaraka avaratra ny mponina any, saingy hita any avokoa ny foko 18 eto Madagasikara. Ny tenim-paritra any dia vokatry ny fifangaroan'ny teny Betsimisaraka, Sakalava ary Tsimihety. Manana seranam-piaramanidina lehibe ihany koa ny tanànan'i Sambava.

# Hosea 4: 1-3

## Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao

***Hosea 4: 1-3 "Mihainoa ny Teniko JEHOVAH ianareo olombelona ambany masoandro! Fa IZAHO JEHOVAH manana ady amin'ny mponina amin'ny tany. Satria tsy misy fahamarinana, na fitiavana, na fahalalana AHY JEHOVAH eo amin'ny tany. Fa fianianana sy lainga sy vonoana sy halatra sy fijangajangana kosa. Eny manao an-keriny izy ka mifanontona ny fandatsahan-drà. Ary noho izany dia mitomany ny tany. Ary reraka izay rehetra mitoetra ao aminy. Dia ny bibidia sy ny voromanidina, eny na dia ny hazandrano any anaty ranomasina aza dia ringana koa."***

Inona moa izany adiko JEHOVAH aminareo izay monina amin'ny tany izany? Tsy IZAHO velively no mamono sy mandringana anareo fa I losifera no mitsangana ho fahavaloko ka izay asan'ny tanako rehetra dia ezahany ravana sy potehina, indrindra fa ianareo olombelona izay nohariako tamin'ny Heriko sy ny Fahefako dia vonoiny sy aringany amin'ny endrika maro. Ka ny ady misy AMIKO sy ny mponin'ny tany dia izao : variana loatra ny zanak' olombelona, indro, na efa miteny sy mananatra ary manitsy aza AHO dia raisiny ho fahavalony, ankahalainy, tsy ekeny, tsy henoiny, ny sasany aza moa dia maniratsira sy miteny ratsy ny ANARAKO mihitsy, manimbazimba sy mandà ny TENIKO, tsy mino izay irahiko sady mitaona ny olona tsy hanompo an'I JESOSY, tia miady hevitra ary minia manadino ny lalàko, ao koa ny manala ny olona amin'ny FAHAMARINANA ka dia sahy mampianatra diso, mitombo ireo tsy mahalala AHY JEHOVAH sy tsy mino fa JESOSY no MPANJAKA. Efa tena tafaala amin'ny FAHAMARINANA ny olona ka samy mandeha amin'ny lalany avy. **Hosea 4: 6 "Ringana ny oloko noho ny tsy fisian'ny fahalalana"**. Noho izany fomba sy fahazaran'ny olona izany dia mampitodika azy ireo AMIKO AHO, ary mitaky zavatra maro aminy toy ny hoe : aza mangalatra, aza miteny ratsy, tiavo ny namanao, omeo ny malahelo, aza maka zana-bola, aoka tsy ho tia tena, aza maningon-tena amin'ny ratsy, aza manendrikendrika na manisy ratsy namana, aoka tsy hivadika amin'izay efa nekena, mandehana tsy misy tsiny eo anatrehako, aza mandray na manao kolikoly hanameloka ny marina, aza mitsara miangatra na mizaha tavan'olona, aza manala baraka namana, aza miolikolika amin'izay atao fa manaova ny marina mandrakariva, aza manenji-dresy na zatra mamaly faty olona, tiavo ny ray aman-dreny ary aza mankahala fianakaviana, aza manafina fahamarinana ka mba hitombo haingana ny olo-masina, aza manompo andriamanin-kafa ary aza tia ody ratsy, aoka ny fitiavanareo tsy hapetraka ao amin'izao tontolo izao ary ny fonareo handositra filàna. Sombintsombiny ihany ireo fa betsaka no takiako ary didiko mihitsy izany ary dia indro ny olona fa manangana ady AMIKO fa tsy te-hanao izay lazaiko. Toy izany sy toy izany no toetran'ny zanak'olombelona, koa raha mitaky ireo AHO dia tezitra izy ary dia manohitra AHY fotsiny izao. Indrindra moa raha FAMINANIANA no ambarako dia maro no tsy mahazaka. Izao an! Mahazakà ianareo fa IZAHO JEHOVAH tsy maintsy miteny ao amin'ny mpaminany ary amin'izao andro farany dia averiko ny taloha, MITENY MIVANTANA AHO. Ho hitanareo izany, hatrehanareo izany, ary dia betsaka no tsy hahazaka, maro aza moa no efa miteny hoe: F'angaha ianareo izany no JEHOVAH? Mba sahy koa ianareo an! Fa maninona no misandoka? IZAHO tsy azo sandohana fa izay misandoka AHY dia hotsaraiko tokoa, fa kosa IZAHO afaka mampiasa olona araky ny foko e! ianao ve??? Tiavo amin'ny fonao rehetra AHO, amin'ny sainao rehetra, amin'ny fanahinao rehetra eny amin'izay ananao dia ho hitanao ny VONINAHITRO. Andramo anie, fa aza dia malaky mitsara fa izao ihany no antoka filazana FAHAMARINANA sady "MAIKA". Ho avy JESOSY eny amin'ny rahon'ny lanitra, ianao ve efa mahalala AZY tanteraka? Tia AZY ve ianao? Mino ve fa MPANJAKA IZY, efa mba manambara AHY tamin'ny hafa? Efa nibebahanao taminy ve ny helokao, ny fahotanao. Efa navelany ve izany ka nahazoanao famindram-po? Efa noraisinao ve ny Fanahy Masina ary efa miasa eo amin'ny fiainanao? Efa fantatrao ve fa tsy maintsy mandalo ireto "BATISA" ireto ianao vao olombaovao? Sa mionona amin'izao fotsiny? 1° **Batisan'ny FIBEBAHANA *(Marka 1: 4)***, 2° **Batisan'ny FAMELAN-KELOKA *(Lioka 3: 3)***, 3° **Batisan'ny RANO *(Matio 3: 6) (Matio 3: 11ᵃ)***, 4° **Batisan'ny FANAHY MASINA *(Lioka 1: 8)***, Jaona no nanao Batisan'ny Rano fa JESOSY kosa manao ny Batisan'ny Fanahy Masina, 5° **Batisan'ny AFO *(Matio 3: 11ᵇ)*** Ireo no dingan'ny BATISA, misy dimy (5) izy ireo. Ireo no ASA sy dingana tsy maintsy ahatongavana, satria izao no voasoratra : efa antomotra sy akaiky ny fotoana hahatongavan'ilay FANJAKANA dia Ilay Fanjakana voalohany. Rehefa miasa ianao ka mitory dia mpiampita ilay Fanjakana ao aminao dia mandray indray ilay manaraka Fanjakana faharoa, farany miara-miasa indray ilay voalohany sy faharoa mampita amin'ireo betsaka mbola tsy nandre sy tsy mahalala io ilay ambarako JEHOVAH hoe : Fanjakana fahatelo. Tandremo indray sao dia misy mampivily indray hoe: io ary ny anareo, fomba entiko anambarana aminareo fomba fiasa fotsiny sy mba hanaovanareo ezaka e! TOKANA NY FANJAKAKO fa raha efa ao aminao ampitao fa ny tanjona dia ho tsy amin'ilay FANJAKANA MANDRAKIZAY ianareo. ***Efesiana 4: 4-5.*** Ary dia azoko JEHOVAH ampiana hoe : Iray ny FANJAKANA, Iray ny MPAMONJY, Iray ny MPANJAKA, iray ny FAMPIANARANA, iray ny VONINAHITRA, ny FANAPAHANA sy ny HERY ary ny FAHEFANA indrindra fa ny FIANDRIANAKO. Aza asiana ADY HEVITRA fa rehefa tsy mety aminao aoka hangina raha mety aminao araho ihany. Amen!

HALELOIA! JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

(mbola hitohy)

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:
Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao : mivoaka Talata sy Asabotsy

BORIBORITANY FAHA-IV

# Nanao fanadiovana faobe teny amin'ny Sénat, Colas Anosibe, Mahamasina



Nanatanteraka fanadiovana faobe ny avy amin'ny kaomininan'Antananarivo Renivohitra (CUA), tamin'ny alalan'ny Boriboritany faha-IV omaly alatsinainy maraina. Tonga nanampy ny ekipa mpanadion'ny boriboritany faha-IV tamin' izany ny Ekipan'ny ESA (Equipe Spécialisée en Assainissement); nifarimbona nanadio izy ireo nohon'ny fahitana fa maloto ny manodidina iny faritra Anosy iny, nanomboka teo amin'ny Senat ny asa ka nitohy teny amin'ny Colas Anosibe ary nifarana teny Mahamasina, teny amin'ny Gerb'Or. Efa fanaon'ny CUA ny manadio, saingy ho fanampiana ireo mpiasa izay efa manao izany fanadiovana izany no antony. Nisy araka izany ny famafana sy fanadiovana ny 'ilots'eo anoloan'ny Sénat, fanalana ireo fotaka sy fako ary ranom-potaka izay manaratsy endrika sy mampisy fofona ny tanàna. Izao no natao dia mba hitsinjovana ny hatrany ny mpiara-belona, hampisy ny fahadiovana sy filaminana eto amin' ny tanànan'Antananarivo Renivohitra.

***Aly***

Baolina kitra, kianjan'Alarobia

# Tonga amin'ny dingan'ny famaranana ny fifaninanana karakarain'ny AMI

Tonga amin'ny dingan'ny famaranana amin'izao fotoana ny fifaninanana baolina kitra etsy amin' ny kianjan'Alarobia, karakarain'ny fikambanana AMI na ny Association Miharitra ao amin'ny Boriboritany faha-5 eto amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Fokontany misa 14 no mandray anjara amin'izany fifaninanana baolina kitra izany, ahitana ekipa miisa 24 amin'iny fokontany manodidina an'Alarobia-Ivandry iny toa an'Analamahitsy, Ankorondrano, Manjakaray sy ny maro hafa,... ao amin'ny Boriboritany faha-5. Vita omaly ny lalao ankatoky ny famaranana tamin'ity fifaninanana ity, izay efa nanomboka tamin'ny 7 aprily 2018. Mpanohana izao fifaninanana izao ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) sy ny vondron'orinasan-tserasera MBS, eo ihany koa ireo fokontany miisa 14 ao amin'ny Boriboritany faha-5, ary ireo orinasa ao amin'ity Boriboritany ity toa an'I Jumbo Score, ny Sodiama, sy ny maro hafa,... Mpitarika ity fikambanana AMI ity Andriamatoa Randrianarisoa Jean Hyacinthe na i Jaona.

***Lita***

Fanabeazana politika

# Voambolana politika Frantsay-Malagasy

**Françafrique** : Frantsafrika. Teny ilazana ny fomba fanao mifono hevitra na tetika fanjanahan-tany asetrin'ny frantsay any amin'ny zanatany Afrikana fahiny. Misy tambazotran'olona miafina frantsay sy mpitondra afrikanina, raha ny feo mandeha, no misahana ny fampiharana ny firehan-kevitra frantsafrika, izay midika hoe fiarovana ny tombontsoan'i Frantsa aty Afrika.

**Franc-maçon** : Framasao. Fikambanana misahana indrindra amin'ny fandinihina momba ny fitandrovana ny maha olona izay manana tarigetra : ny Fitoviana, ny Firalahiana sy ny Firaisan-kina. Tsy misy ifandraisana amin'ny fivavahana velively ny fombafomba ao ary afaka miditra ao ny olon-drehetra tsara fitondran-tena na mpino na tsia. Fikambanana mihanaka eran-tany noforonin'ny pastora roalahy Henderson sy Désaguliers tamin'ny 1723. Any amin'ny tany misy fahalalahana ara-pôlitika ihany no ahitana ny fikambanana framasao. Voahenjika ny mpikambana tao nandritry ny fitondran'i Hitler tany Alemana, toy izany koa tany amin'ny tany Eorôpeana Kaominista. Misy karazany telo ny fikambanana framasao malagasy: Le Grand Rite de Madagasikara ( GRM), le GLTSM ary ny Grand Rite Malgache Féminin ( GRMF), eo koa ny fikambanana vahiny manana solontena eto Madagasikara toy ny Grand Orient, la Grande Loge de France, le GLNF sns... Tokony ho 1000 eo ho eo ny isan'ny mpikambana ao amin'ireo fikambanana samihafa ireo.

**Franc (zone)**: Faribola farantsa - Ny zone franc dia fitambaran'ny faritra nampiasana ny vola izay mifandray amin'ny vola frantsay satria niankina tamin'ny vola frantsay ny sandany. Tao amin'ny tany nozanahanan'i Frantsa no nampiasana izany vola Franc CFA izany. Araka ny fifanarahana dia notanan'ny Tahirimbola frantsay ny ampaham-bola( 50%) azo avy amin'ny fanondranana ny vokatra na ny entana any ivelany an'ireo firenena ao amin'ny zone franc.

**Francophonie** : Frankôfonia. Fitambaran'ireo tany 80 mampiasa ny teny frantsay. Misy an'ireo tany ireo no manana ny teny frantsay ho teny ôfisialy, ny sasany kosa dia mandray roa: mampiasa ny teny frantsay sy ny teniny. Anisan'izany i Madagasikara. Efa misahana lafin-javatra maro ny fikambanan'ny frankôfonia amin'izao fotoana izao toy ny toe-karena, ny varotra eo anivon'ny mpikambana sy indrindra ny fampandrosoana.

**Garde de sceaux** : Ministeran'ny fitsarana. Anarana nomena ny ministry ny fitsarana koa.

**Gauche (parti de)** : Firehankevitra filôzôfika sy ara-toekarena ankavia, manohana ny fitovian-jo ara-tsôsialy ary manohitra ny tsindry hazo lena.

**Gaullisme** : Gaulisma. Firehan-kevitra miainga avy amin' ny hevitra sy fomba fanao pôlitikan'i jeneraly de Gaulle. Eo anatrehan'ny hery lehibe mpifanohitra samy manana baomba mahery vaika ( nokleary) dia naka lálana fahatelo izany hoe tsy miankina amin'ireo firenena amerikana na sôvietika i jeneraly de Gaulle. Araka izany dia firehan-kevitra tsy mpomba ny kapitalista na marxista ny gaulisma. Saro-piaro tamin'ny fahaleovantenan'i Frantsa ka hoy ny jeneraly hoe: " Aleoko misotro rano amin'ny vera kely toy izay mampiasa ny veraben'ny sasany". Noho izany dia novokariny ny fiadina nokleary izay nataony ho stratejian'ny fiarovana. Niala tamin'ny rafim- pitantanan'ny OTAN i Frantsa.

***Fetra Ramamonjy***

MANANJARY

## Zazalahikely miisa 7 namoa-tsampona namaky sekoly

Zazalahikely miisa 7 no namoa-tsampona tany Mananjary any amin'ny faritra Vatovavy Fitovinany. Tratra namaky sekoly iray tao Mananjary ireto zazalahikely ireto tamin' ny faran'ny herinandro teo. 5 hatramin'ny 8 taona eo izy ireo ary efa nifampizara asa, ka ny sasany nibata ireo boky sy kahie, ny hafa namaky ny fitaratra ary ireo ambiny niambina teny ivelany sao misy mahita. Nahavalalanina ny rehetra tokoa izao asan-jiolahy izao sahady nataon'ireto kilonga kely ireto.



*Ireo ankizilahikely tratra namaky sekoly tany Mananjary.*

Sahiran-tsaina ihany koa ireo mpitandro filaminana noho izany, hany herin'izy ireo, niantso ireo olobe tao an-tanàna mba hananatra ireto zaza ireto. Manahirana tokoa ny fanabeazana amin'izao fotoana, mil any fifanomezan-tanan' ny rehetra satria tsy vitan'ny ray aman-dreny sy ny mpanabe irery intsony, mila ny fiarahamientan'ny fiarahamonina manontolo mihitsy.

**_Ny Valosoa_**

Beroroha, Atsimo Andrefana

## Sefo fokotany matin'ny tara-jiro

Mirongatra ny vono olona ao amin'ny distrikan'i Beroroha faritra Atsimo Andrefana iny, sefo fokotany roa no maty tsy tradrano. Tao anatin'ny iray volana izao , sefo fokontany, tomponadraikitra eny anivon'ny fokotany ary ireo olona tsongoinbolo eny anivon'ny fiarahamonina, ireo no isan' ny lasibatr'ireo olon-dratsy any amin'ny distrikan'i Beroroha ny faran' ny herinandro iny. Sefo fokontany ao Tanambao kaominina Beroroha no voatifitra teny am-pangoronana ny omby teny antsaha tokony ho tamin'ny efatra ora hariva, dahalo enina mirongo basim-borona no nanafika ary voatifitra ity ray amandreny to-teny eo an-tanàna ity, andro iray talohan'io dia mbola ray amandreny iray ihany koa no maty voatifitra ny mangiran-dratsy tany amin'ny kaominina Sakena, tsy nisy omby lasan'ireto dahalo fa ilay ray amandreny be ihany no nokendrena. Fito lahy no fantatra fa nanao ny fitifirana , mbola eo ampanarahana ny dian'ireto olondratsy ny vatan-dehilahy, raha ny fantara dia saika olona voakarama avokoa no manao ny famonoana, misy mihintsy ary ny mieritreritra fa misy ambadika paolitika ny famonoana, ireo olona lasibatry ny fitifirana dia saika olobe toteny eo an-tanàna ary ankatoavin'ny rehetra ka ahiana sy manelingelina amin'izao fiomanana amin'ny fifidianana izao ny fisian'izy ireo. Ny mahasadaikatra ny maro dia ny andraikitr'ireo mpitandro filaminana, miraviravy tanana izy ireo, ny vahoaka indray no mihaza ireo ratsy, ambetin-teny ny hoe tsy ampy olona sy fitaovana, ka ny vahoaka no atao sorona manoloana ny basy ananan'ireo ratsy.

**_Serge H._**

Alaotra

## Lasibatry ny jiolahy indray ny fiangonana

Niala tamin'ny halatra lakolosy dia ny mamaky fiangonana eny ambanivohitra indray no ataon' ireo jiolahy amin'izao fotoana izao aty Alaotra. Tsy hay na fampihorohoroana na efa fanahy ratsy tafiditra mihitsy fa dia fiangonana maromaro no efa voaroban'izy ireo indrindra fa ny ao amin'iny ilany avaratra Ambatondrazaka iny. Isan' izany ny tao amin'ny kaominina Andromba sy ny tany Imerimandroso. Raha ny nambaran'ny Ben'ny tanànan'Andromba dia fantatra fa ny fotoana nandehanan'ny lalao baolina kitra fiadiana izay ho tompondaka eran-tany no tena nanararaotan'ireo jiolahy nanaovana ny asa ratsiny. Tsy voahavaka ny fifamezivezen'ny olona tamin'iny fotoana iny ka izay no mety ho antony tena mahatonga azy io hoy izy. Ankoatra io famakiana fiangonana io dia fantatra ihany koa fa isan'ny nirongatra indray ny fanafihana narahina vono olona. Vao tsy ela akory izay no nisian'ny fanafihana andian-jiolahy tao amin'ny fokontany Anosindrafilo kaominina Ambatondrazaka renivohitra. Olona iray no maty tamin'io fotoana io ary voaroba ny omby. Nialohan'io tany amin' iny kaominina Andilanatoby iny no nisehoan'ny fanafihana tokantrano iray ka nahafatesana raim-pianakaviana. Ity farany izay novonoina tamin'ny fomba feno habibiana hoy ny mponina tany an-toerana. Velontaraina tanteraka araka izany na ireo Ben'ny tanàna tahaka ny Ben'ny tanàna avy ao amin'ny kaominina Andromba iny noho izao trangan-javatra hafahafa miseho any amin'izy ireo izao.



*Iharan'ny fandroban'ny jiolahy ny fiangonana amin'ny faritra ambanivohitra.*

**_Raoul_**

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy hampitaina aminrny gazety Ny Valosoa Vaovao izao manaraka izao. Natao ihany no tsy niteny, fa sao dia efa mihoatra ny fefy kosa ity grevy ataonareo ity ry tontolon'ny fanabeazam-pirenena a Iza no nahatadidy ilay hiran-tsika tany an-tsekoly hoe: "omeo anay re ry Dada, omeo anay re ry Neny; omeo anay re ry dada sy neny ny zoanay... " iny Omeo an'i Kaisara ny an'i Kaisara, omeo an'i Saizara ny an'i Saizara; omeo an'ny MPAMPIANATRA ny ZONY ry fitondram-panjakana a Ho an'ny MPAMPIANATRA sy ny MPANABE : Ny voninahitrareo an-tsobika eny anivon'ny fiarahamonina misy anareo tsirairay aby re tompoko, aza atao ampatam-bary amin'ny alalan'ny fitondram-panjakana OSA izay efa fantatra fa tsy hahavaha ny olanareo hatramin'ny farany. Teny miampita ho any amin'ireo manam-panahy izany ataoko amin'ity taratasy ity izany.

**_Herimamy Razafindrakoto_**
**_Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao_**

Bekorontan-drafozana

## Nentina ampisarahana vinanto

Lalina ity hoy ilay ramatoa vadin-dRagasy mipetraka tsy lavitra an' Antananarivo. Raha nilamina be izahay teo aloha, nianatra ny mpianatra, nampidi-bola rangahy ary nanana ambim-bava isambolana, dia mifamadika amin'izany ny zava-misy eo aminay ankehitriny satria vao miditra ny trano rangahy dia manakotaba sy manakorontana fotsiny izao, ary vao valiana izy dia tehamaina no setriny. Mijaly izahay hoy ramatoa satria na ny ankizy aza dia tsy afa-mianatra noho ny ataony, ny fiainanay mitotongana satria tsy mampidi-bola intsony izy ary raha sendra mba manam-bola aza izy dia lazainy fa misy lálany io fa tsy natao omena anareo. Ny fanambadian'ny zanany sy ny vinantony koa dia korontanin-dRangahy, karazan'ny Bekorontana entina ampisarahana vinanto ihany koa no mahazo azy. Valalanina izy mianakavy ary tsy maintsy nitady hevitra tamin'ny havany. Tsotra ny valiny hoy ny rahavavin-dreniny, mandehana aloha manatona eny amin' i Madame Noelah eny amin'ny 67 ha, laharana **03313 090 13** sy ny **03461 328 62** sao mba mivaha ihany ny olanareo mianakavy. Nanaiky tsy fidiny fotsiny ramatoa ka nihaona tamin'ity mpitsabo ity.
Tratry ny bekorontana ny tokantranon'izy mivady Vao nihaona tamin'ity mpitsabo ity ilay ramatoa dia tsotra ny navalin'ilay mpitsabo azy : tratry ny bekorontana ny tokantranonareo hoy izy, ary havanareo ihany io olona io. Manan-karena sy mahay ny zanakareo hoy izy ary tsy vitan'izany fa tsara fidiram-bola ny vadinao ka tsy sahirana sady tsy misy olana amin'ny tokantranonareo. Hokarakarain-tsika ny tokantranonareo hoy izy, ka izao : ity misy zavatra ampitondraiko anao, ka vantany vao miditra ny trano ny vadinao dia ampiasao ity. Aza mamaly azy akory hoy izy fa tsy maintsy hifona sy handohalika aminao io vadinao io. Inona tokoa no nitranga hoy ianareo, vao niditra ny trano fotsiny ilay rangahy ka nanao ny fanaony dia nampiasain'ity ramatoa ity ny fanefitra azony tany amin'ilay mpitsabo. Tsy tapitra akory nefa ny fampiasana ilay zavatra dia nifona sy nandohalika teo anatrehan'ilay ramatoa tokoa ilay rangahy ary namboraka ny zavatra rehetra teo. Tao anatin'ny teny nataony no nahafantarana fa izy mihitsy no nisy namosavy satria tovovavy nanadala azy no namosavy azy ka izao niafara tamin'ny fikorontanana izao. Hay tokoa ny havan'ilay rangahy ihany ity tovovavy saiky hanadala azy ity fa tsy tian'ilay rangahy ka izao no niafarany. Foana ny fikasandratsiny ary niverina amin'ny laoniny ny tokantranon'izy mianakavy ankehitriny satria ilay fanefitra manokana tany amin'i Madame Noelah mpitsabo eny 67 Ha no nanavotra azy mianakavy tao anatin'ny fotoana fohy.

**_Ny Akama_**

Ambatondrazaka

## Nanondrana ny JIRAMA nandritra ny famaranana ny Mondial 2018



*Tapaka ny jiro tamin'ny faritra sasany tany Ambatondrazaka ny alahady hariva teo.*

Notapahan'ny JIRAMA indray ny herinaratra mamatsy ny faritra maromaro ho an'ny kaominina Ambatondrazaka renivohitra ny harivan'ny alahady faha-15 jolay 2018 lasa teo, nandritra ny lalao famaranana teo amin'ny fiadiana izay ho tompon-daka erantany teo amin'ny baolina kitra natao tany Rosia n any Mondial 2018. Betsaka araka izany ny mponina no tsy naharaka iny lalao lehibe maneran-tany iny, nanomboka tamin'ny 06 ora latsaka teo no tapaka ny jiro ary tsy niverina intsony raha tsy efa 10 minitra tsy hiravan'ny baolina. Sorena avokoa ireo faritra rehetra tratran'ity fanapahana ity noho ny tsy naharahana iny lalao iny. Tantara sisa no heno hoy izy ireo. Fokontany maromaro no tratran'io fahatapahana io raha toa ka nisy ihany ireo izay nandeha. Tokony ho jerena manokana mihitsy ny fitantanana ao amin'ity orin'asa ity hoy ny rehetra fa tena efa tsy rariny intsony ny ataon'ireo mpitantana ao.

**_Raoul_**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**14/07/18 hatramin'ny 21/07/18**

- **PERGOLA** (Antaninarenina), tél. 020 22 237 17
- **HERIZO** (Antanimena face Eglishe Catholique), tél. 020 22 697 22
- **ITOKIANA** (Manakambahiny), tél. 020 22 322 64
- **ANJA** (Analamahitsy), tél. 020 26 406 55 / 034 51 149 73 / 033 17 633 22
- **TSARA** (Andavamamba route pavé), tél. 020 22 347 12 / 034 21 111 14

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Fanapariahana:**
Kalasoa: 033 16 153 91
Solofo : 034 89 907 74

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 789-07-18
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

VAKINANKARATRA

# Mitohy ny fanofanana tanora ataon'ny Antenimieran'ny Varotra

Isan'ny mampiavaka ny Antenimieran'ny varotra sy ny Indostria eto Vakinankaratra ny fanofanana ireo tanora amin'ny lafiny fitantanam-bola. Efa an-taonany maro no nisian' izany ary dia mbola mitohy hatrany izany. Mpianatra miisa 22 izay niofana ho "assistant bancaire" indray mantsy no navoaka teo anivon'ny Antenimeran' ny varotra sy ny indostria eto Vakinanakaratra (CCI), ny herinandro lasa teo, izay naharitra 2 taona ny fiofanana, ka ilay hatao hoe "formation duale" no natrehan'izy ireo: mahakasika ny banky sy ny fampindramam-bola madinika. Tanora vonona hiatrika asa avy hatrany ireto navoaka ireto ary misy amin'izy ireo aza no efa amperin'asa ihany koa, ka nanatevina ny fahalalany tao. Tonga nanome voninahitra ny lanonana ny avy eto anivon'ny faritra notarihin'ny lehiben'ny Faritra Vakinankaratra Général Rakotonarivo William. Nambarany tamin'izany fa andry iankinanan'ny firenena tanteraka sy ho an'ny Faritra Vakinankaratra ny fisian'ny fampiofanana tanora tsara hofana tahaka izao, indrindra eny amin'ny sehatra ambanivohitra amin'ny alalan'ny fampidramam-bola madinika. Faritra Vakinankaratra dia manana ny toerana faha-2 amin'ny fananana sy fitsanganana orinasa raha oharina amin'ireo faritra 22 eto Madagasikara, ka tombony ho an'ireto tanora vao nahavita fiofanana ireto izany. Ho fankasitrahana ireto mpianatra ireto dia notoloran'ny Lehiben'ny faritra fanomezana mitentina 1 tapitrisa ariary ny mpiofana telo voalohany mendrika indrindra.

***Lezama***

Tsy fandriampahalemana

# Ifandimbiasan'ny jiolahy tetezina ireo mpandraharaha madinika

Ny zoma alina lasa teo, tokantrano mpanao an'ireny akoho fakana nofo ireny no notafihin'ny jiolahy mitondra fitaovam-piadiana tao amin'ny zanabohitr'i Tanambao fokontany Ambohimasina kaominina Ambatondrazaka renivohitra. Ny vola no voalaza fa isan'ny nokarohin'izy ireo tamin'io fotoana io. Ankoatra ity tokantrano ity dia nisy ihany koa tao akaikin'ny kianja ao Ambohimiangaly izay mbola trano manodidina an'i Tanambao ihany no lasibatr'ireo jiolahy. Ny alin'ny sabotsy indray kosa dia nilatsaka tao an-tampon' Antanambao ireo jiolahy mirongo fiadiana ireo nanafika mpandraharaha madinika ihany koa. Tsy nisy hatreto ny naratra na namoy aina fa ny totalin'ny zavatra very no fantatra fa maromaro ihany. Mitaintaina hatrany ireo mponina any an-toerana vokatr'izany satria zary ho isak'alina dia misy hatrany no lasibatra ao amin'izy ireo. Tsy nitazana fotsiny ny mpitandro filaminana fa nandray ny andraikiny ary manao ny fisafoana sy midina ifotony manao fanadihadiana ary voalaza fa efa misy ny ahiahiana amin'izao fotoana izao mahakasika ity fanafihana lava ity.

***Raoul***



***Lasibatry ny jiolahy hatrany i Tanambao Ambatondrazaka.***

CUA

# Efa mivoaka ny fandoavana ny hetran-trano 2018


Ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) dia mampafantatra antsika vahoaka ato anatin'ny Boriboritany miisa 6 eto an-drenivohitra, fa efa nivoaka ny Hetran-trano 2018. Entanin'ny CUA isika noho izany handoa izany eny amin'ny fandoavan-ketran' ny Boriboritany misy azy avy. Izay mbola tsy nahefa ny hetra dia afaka manatona izany. Ny "Quittance"manankery dia izay omen'ny tompon'andraikitra eny amin'ny boriboritany fandoavan-ketra ihany. Raha misy fanamarihana manokana na fanazavana hafa mikasika izany dia afaka manatona ny varavarana laharana faha-82 rihana faha-3 eny amin'ny Lapan'ny Tanàna Analakely na eny amin'ny Boriboritany misy azy avy . Marihana fa efa nisy ny taratasy fampahatsiahivana ho an'ireo mbola tsy nahaloa izany teo aloha. Adidy tokony hefaina ny hetra hoy ny CUA ho fanatsarana hatrany ny tanànan'Antananarivo, izay Soa Iombonan'ny Malagasy.

***Aly***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 243**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0242)

***Mitsivalana***
- Tonga – Na
- Ao – Dim(y)
- Tokana
- Ilay – Dio
- Ti – Kiaka
- Ravao – Ar
- Amy – Tava

***Mitsangana***
- Tatitra
- Mailo (Miv)
- Naka – Vy
- Goaika
- Toy (Miv)
- Dada
- Ny – Vaky (Miv)
- Amboara

## TENY MIFANARAKA N° 243




**Mitsivalana**

**1.** Ilazana ny Mpanao, Atao, Iharana **2.** Foto-tenin'ny fialonana – Lavaka (Miv) **3.** Anabavin-dray **4.** Eo amin'ny vatana (Miv) – Bibikely (Miv) **5.** Kapoka – Toetra ratsy **6.** Manapaka volo **7.** Aleha **8.** Miteraka hidihidy (Miv) – Tsy azo atao **9.** Adim-pamataranandro – Vatana (Miv) **10.** Matanjaka – Mamoron-dainga

**Mitsangana**

**A.** Sahabo **B.** Maharitra (Miv) – Eny **D.** Anisan'ny asa soratra **E.**Toetra, petraka – Repoblika **F.** Atsahatra – Mitambatra **G.** Halana **H.** Iry, ila – Vola aloa vidiny (Miv) **I.** Analenelan'ny hehy – Tsy lavitra (Miv) – Vizana **J.** Kianteny – Mangaihay (Miv) **K.** Mpisolo tena – Heloka (Miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0242

***Mitsivalana***

1 Rehareha 2. An - Lazao 3. Zanahary 4. Alina - Sy 5. Natahotra 6. Roa (Miv) - Rava 7. (L)ainga - Om 8. Fay - Eny 9. Omby - Ditra (Miv) 10. Tiana -Ao

***Mitsangana***

A. Razanay - To (Miv) B. Alao - Amy D. Hanitra - Bà E. Anana - Nify (Miv) F. Hahena G. Ela - Gia H. Haratra - Rà I. Azy - Ro - Eto J. Savony K. Tody - Amidy

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny filoha Marc Ravalomanana nanatrika ny fetim-pirenena frantsay ny 14 jolay teo.







FAMPANDROSOANA IFOTONY

## Any New-York ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana




Any New-York renivohitra ara-toekaren'i Etazonia amin'izao fotoana ny ben'ny tanànan'Antananarivo Lalao Ravalomanana miatrika ny fihaonana iraisam-pirenena momba ny fampandrosoana ny vondrom-bahoakam-paritra dia ny fampandrosoana ny Kaominina sy ny governemantam-paritra izany: Local and Regional Governement High Level Political Forum na dinika ara-politika avo lenta momba ny ODD (Objectif de Développement Durable), na vinan'ny fampandrosoana maharitra. Anisan'ny olana eto amintsika ny tsy firindrana n any tsy fifankazahoana mihitsy eo amin'ny fifandraisan'ny governemanta foibe, na ny governemantam-paritra ihany koa sy ny Kaominina ankehitriny, izany dia anisan'ny sakana amin'ny fampandrosoana ny fiadidiana ny tanàna. Olana anisan'ny dinihana amin'izao fivoriana iraisam-pirenena any New-York izao ny mahakasika izany.

*Isambilo*



*Ny ben'ny tanànan'Antananarivo Lalao Ravalomanana any New-York.*

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**KOMITY MPITANTANA NY FOTODRAFITRASA NY EPP SOARANO**

**FANAMBARANA**

Ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena sy ny Kaominina Antananarivo Renivohitra, rehefa nahatsapa ny fitantanana tsy mahomby sy gaboraraka ny fotodrafitrasa ny EPP Soarano ary tsy fisian'ny mangarahara eo amin'ny fitantanana ireo fotodrafitrasa ireo dia nanao sonia fifanarahana fiaraha-miasa ny 14/03/2018 nametrahana Komity mpitantana izay miandraikitra ny fitantanana araka ny raharam-panjakana ny fotodrafitrasa izay fananan'ny EPP Soarano.

Ny Komity Mpitantana izay ahitana ny solotenan'ny MEN, ny Solotenan'ny CUA, ny Solotenan'ny FEFFI ary ny Talen'ny Sekoly EPP Soarano dia manana andraikitra ihany koa ankoatr'ireo voalazan'ny fifanarahana, hanavao, na hanapaka ireo fifanarahana efa misy na hanao fifanarahana vaovao mikasika ny fitantanana ny fotodrafitrasa ao anatin'ny fenitra takian'ny mangarahara.

Ny 07/04/2011, ny solotenan'ny Raiamandrenin'ny mpianatra sy ny Talen'ny Sekoly EPP Soarano dia nanankina ny fitantanana ny fotodrafitrasa (BOX sy pavillons) amin'ny teratany Sinoa atao hoe LIU ZHUO. Io fifanarahana (Contrat) io dia nifarana tamin'ny 07/04/2017 ary tsy navaozin'ny roa tonta intsony. Na dia eo aza ny tsy maha-ara-dalàna azy dia mbola nanohy nitaky ny hofan'ny magazay sy ny trano fivarotana foana Andriamatoa LIU ZHUIO ary mbola mitohy izany ankehitriny.

Ny 21/06/2018, manoloana ny fitarainan'ny Mpivarotra manofa ireo fotodrafitrasa ieo mikasika an'Andriamatoa LIU ZHOU noho teny mahery feno fiantsiàna sy fanalam-baraka sy fampitahorana ataony amin'ny mpivarotra ary indrindra koa ny tsy fisian'ny mangarahara amin'ny fitantanana ny hofan-trano dia nanapa-kevitra ny Komity hanao ny Appel à manifestation d'intérêts (Ami N°001/AMI/CDI/MEN/CUA.18) amin'ny fametrahana olona mahafeno ny fepetra takian'ny Lalana hitantana ny fotodrafitrasa (nivoaka tamin'ny Midi Madagasicar, Tia Tanindrazana sy Valosoa ny 22 sy 23/06/2018) araka ny fepetra takiana (termes de references N°002/AMI/CDI/MEN/CUA.18).

Ny 05/07/2018 tamin'ny 02 ora tolakandro dia natao ny fanokafana sy ny fanadihadiana ny tolotra rehetra nataon'ireo kandida 07 (fito) ary tafiditra tamin'izany ny an'Andriamatoa LIU ZHUO 07 (fito) fa tsy telopolo araka ny voalazan'ny Conseiller Juridique an'Andriamatoa LIU ZHUO tamin'ny Mpanao gazety). Izany dia natao teo imason'ireo Kandida na ny solontenany ary ny tolotra nataon-dRamatoa RAZAFINDRAHETY Yolande no nahafeno ny fepetra natao araka izany ny fifanarahana (Convention N°01/CV/MEN/CUA/CDI.18 ny 10/07/2018).

Araka izany ny Komity mpitantana ny fotodrafitrasa ny EPP Soarano dia nampahafantatra sy mampandre ny Tomponandraikim-panjakana isan'ambaratonga, ireo mpivarotra voakasika ary ny olona tsirairay fa Andriamatoa LIU ZHUO dia tsy mpitantana intsony ny fotodrafitrasa ny EPP Soarano ary izany andraikitra izany dia sahanin-dRamatoa RAZAFINDRAHETY Yolande araka ny fahefana nomena azy.

Antananarivo, 15 jolay 2018

ANDRIANAVOSOA